

FANASANA TANANA

LAVAGE DES MAINS AVEC DU SAVON ET CENDRE

Ramatoa	Tena masaka ity ny mangahazo fa aleo aloha esoriko eto ambon'ny afo eto sao dia may. Fa maninona koa ary zao zaza ao ambadika ao zao no mitomany e? Aleo aloha jereko, fa maninona ny zanak'ny neny? fa maninona ndry? Ary kay mikaka ndry koa. Aleo aloha soloin'ny neny dia tsy mitomanimany intsony e!	Femme	Ah, les manioc sont cuits, je vais le mettre hors du feu maintenant. Pourquoi le bébé dans la chambre d'à côté pleure-t-il? Je vais voir. Mais pourquoi pleures-tu mon bébé? Qu'est ce que tu as? Ah, tu as fait caca. Je vais aller te changer pour que tu cesses de pleurer
Mpanentana fahasalamana	Ody o! ody e	Agent Communautaire	Toc toc
Ramatoa	Misy olona izany, aleo jereko. Iza izao oh?	Femme	Il y a quelqu'un, je vais aller voir, qui est-ce?
Mpanentana fahasalamana	Za ihany ito e!	Agent Communautaire	C'est moi
Ramatoa	Hay ve ingahy mpanentana ny paompy ihany e! Mandrosoa dia mipetrapetraha	Femme	Ah, c'est vous, l'animateur eau, entrez et assoyez vous!
Mpanentana fahasalamana	Manao ahoana daholo ianareo aty e?	Agent Communautaire	Bonjour, vous allez bien?
Ramatoa	Salama tsara daholo zahay aty e! Nareo any manao ahoana?	Femme	Nous sommes tous en bonne santé, et vous?
Mpanentana fahasalamana	Salama tsara daholo zahay ka	Agent Communautaire	Je vais très bien aussi
Ramatoa	Ka inona izato vaovaonao e? Miala tsiny fa sady manolo zaza no miresadresaka aminao e! Hainao ihany le mitaiza kely koa	Femme	Quoi de neuf? Je m'excuse, je vous parle et en même temps, je change le bébé! vous savez très bien ce qu'est d'élever des bébés
Mpanentana fahasalamana	Fa lasa aiza rangahy, toa sahirana be mihitsy ianao izany?	Agent Communautaire	Où est passé votre mari, vous êtes tellement occupée!?
Rangahy	Lasa any an-kabone any izy e! Efa adin'ny firy rangahy toa mbola any an-kabone foana, sahala amin'ny inona no alatsaka any!		Il est parti aux toilettes! Ça fait un bon bout de temps qu'il est là-bas, trop longtemps même
Rangahy	Oh reniny oh! Reniny ah!	Homme	Cherie!
Ramatoa	Inona no mampivazavaza anao ao e?	Femme	Qu'est ce qui te prend de crier comme ça?
Rangahy	Tena mandreraka be mihitsy. Tena maloto zao le kabone antsika atsy. Tena mandreraka, fa iza ndray ary zao no kizy nangery farany tato e?	Homme	C'est vraiment fatiguant. Les latrines sont très sales. Vraiment fatiguant, qui est le dernier qui était là-bas?
Ramatoa	An An, dia tsy haiko re fa ianao koa zany dia mimenomenona mahamenatr'olona!	Femme	Je ne sais pas, arrête de te plaindre, tu ne vois pas qu'on a un invité
Rangahy	Hay ve misy vahiny ato e! Afabaraka marina, salama ramose a. Inona izato vaovaonao?	Homme	Nous avons de la visite, bonjour monsieur, ça va? quelle nouvelles vous nous apportez?
Mpanentana fahasalamana	Salama tsara ramose a! Tsy dia misy vaovao fa mandalondalo dia mitsiditsidika e!	Agent Communautaire	Je vais très bien, il n'y a pas vraiment grand-chose, je suis juste venu vous rendre visite

Ramatoa	Misaotra betsaka re mitsiditsidika e! Ianao koa ity toa vokisanay resaka, fa aleo aloha rosoana mangahazo, fa mangahazo izao no masaka ato e!	Femme	Merci de nous rendre visite. On vous ennuie avec notre bavardage, allons vous servir quelque chose à manger, les maniocs sont cuits.
Mpanentana fahasalamana	Mba omeo rano re izaho raha misy ato aminareo ato	Agent Communautaire	Est ce que je peu avoir de l'eau s'il vous plaît si vous en avez ?
Ramatoa	Rano ho sotroina ve? Mahazaka rano mangatsiaka ve ianao azafady?	Femme	De l'eau de boisson? est-ce que l'eau fraiche vous va ?
Mpanentana fahasalamana	Tsy sotroina fa anasana tânana e!	Agent Communautaire	Non, c'est pour se laver les mains
Rangahy	Fa hono hoy aho ramose, fa amin'ny fotoana inona marina moa izany no tokony hanasa tânana?	Homme	A quel moment doit-on se laver les mains?
Mpanentana fahasalamana	Ianao io mihitsy zao ramose vao avy nangery mila manasa tânana	Agent Communautaire	Vous qui venez de sortir des toilettes, qui venez de déféquer, vous devez vraiment vous laver les mains
Ramatoa	Zay ny anao rainy	Femme	Tu as bien entendu
Mpanentana fahasalamana	Fa ianao io koa zao madama vao avy namitra vodinjaza, mila manasa tânana ihany koa	Agent Communautaire	Vous aussi madame, vous venez d'essuyer les fesses de votre bébé, vous devez aussi vous laver les mains
Rangahy	Zay koa ny anao reniny a	Homme	Tu as bien entendu femme
Mpanentana fahasalamana	Tsy vitan'izany fa isika izao ihinana mangahazo dia mila manasa tânana ihany koa alohan'ny sakafo	Agent Communautaire	En outre, nous allons maintenant manger des maniocs, nous devons aussi nous laver les mains avant de manger
Ramatoa	Ity ary ny rano anasanao tânana e! Dia mba iaraka anasa tânana aminao koa zahay raha izany	Femme	Voici donc de l'eau pour vous laver les mains. Et nous allons aussi nous laver les mains avec vous
Mpanentana fahasalamana	Fa hono hoy aho, misy savony ve?	Agent Communautaire	Est ce que vous avez du savon
Ramatoa	An an, tsy misy ato fa aleo sasana amin'izao e!	Femme	Non, il n'y a pas de savon, lavons les avec de l'eau seulement
Mpanentana fahasalamana	Io lavenim-patana io hoy aho ne mahasolo savony rehefa tsy manana savony e	Agent Communautaire	Les cendres des foyers peuvent remplacer les savons
Rangahy	Fa inona marina moa izany ny tombotsoa @ fanasana tânana e?	Homme	Mais pourquoi on doit laver les mains?
Mpanentana fahasalamana	Maro ny tombotsoa azo avy amin'ny fanasana tânana amin'ny savony na lavenona, indrindra rehefa avy mangery na mamitra vodinjaza, na koa hikorakara sakafo, ny antony anaovanana izany dia isorohana ny aretimpivalanana, fa zavatra tsy azo adino koa ny fanasana tânana amin'ny savony na lavenona alohan'ny hisakafo	Agent Communautaire	Nombreux sont les avantages du lavage des mains avec du savon ou du cendre, surtout en sortant des toilettes, après avoir essuyé ou laver les fesses des bébés, avant de préparer le repas. C'est pour éviter les maladies diarrhéiques. Il ne faut surtout oublier de se laver les mains avec du savon ou du cendre
Ramatoa	Dia misaotra betsaka re ramose tamin'izany torohevitra marobe izany a! efa henonay izany ka dia ampiharina manomboka androany	Femme	Nous vous remercions pour ces nombreux conseils ! nous les avons bien reçus et allons les mettre en pratique dès aujourd'hui